## VAKINANKARATRA

**Antsirabe.**

# LARA, doté d'une nouvelle salle d'allemand

***Le Lycée André Resampa Antsirabe " LARA " vient de se doter d'une nouvelle salle d'allemand, grâce particulièrement à la collaboration avec l' Association NOTOPIA FOR EDUCATION sise en Allemagne et dont l'objectif est l'appui aux projets éducatifs surtout dans les pays en voie de développement.***

La salle va ainsi servir à l'enseignement de la langue de Goethe dans l'établissement et aussi à accueillir les activités du club d'allemand. Comme l'endroit se veut également être une rencontre de cultures, l'initiative reçoit le soutien de l'Association SchoolNet Madagascar dont l'objectif est l'intégration des nouvelles technologies dans l'éducation. Celle-ci va, par conséquent, organiser des échanges interculturels en ligne entre des élèves du LARA et leurs collègues en Allemagne.

La visite d'élèves allemands à Antsirabe et des déplacements d'élèves malgaches vers l'Europe sont parmi les objectifs à long terme de NOTOPIA. Lors de l'inauguration de la salle, le jeudi 24 septembre dernier, des matériels ont été remis aux responsables qui ont été aussi orientés vers des logiciels pédagogiques. Michael Strempel, ressortissant allemand représentant de l'Association NOTOPIA et ami de longue date de la ville d'Eaux, a promis la livraison prochaine de projecteurs et d'ordinateurs.

Le proviseur du LARA Kassam, des membres du FEFFI et toute l'équipe bénéficiaire se sont réjouis de cette initiative favorisant l'épanouissement des élèves et vont contribuer au développement du projet.

*Andry N.*

**RN7 Antananarivo-Antsirabe**

# Andaniana ora 5 vao tongan'ny fiara

Sorena ny mpandeha, fimenomenomana no re etsy sy eroa amin'ny faharatsian'ny lalana, tsy eto an-tapontanana ihany izy io fa saika manerana ny lalam-pirenena mihitsy. Manginy fotsiny ny fahasimban'ny fiara hoy ireo mpandraharaha eo amin'ny resaka fitanterana, ny fahalafosan'ny kojakoja ilaina tsy lazaina intsony, izany no hiainan'ny mponina tao anatin'izay taona maromaro lasa izay.

Raha ny lalam-pirenena faha 7 mampitohy an'Antananarivo sy Antsirabe no resahana dia andaniana ora 5 izany fara fahakeliny raha toa ka ora telo mahery kely no nanaovana azy teo aloha. Marihina fa in-dray mijanona ihany ny fiara mandritra ny lalana. Saika feno lavadavavaka avokoa ny lalana rehetra, zara raha misy faritra kely monja afahan'ny fiara mahazo aina. Raha ny zava nisy no jerena dia tsy nisy mihitsy ny fikojakojana ity lalam-pirenena ity na dia "tip top" fotsiny ihany aza fa navela ho potika sy rava vao hoe hasiana fanamboarana. Ela loatra ny fandraisana andraikitra, efa anatin'ny jaly ny mponina vao hitady vahaolana ny mpitondra.

Fantatra fa hasiam-panamborana ny lalam-pirenena faha7 mampitohy ny faritra Analamanga sy Vakinankaratra. Efa nisy ny fitsidihana notarihinn'ny minisitry ny asa vaventy Théodore Richard Rafidison niaraka tamin'ny orinasa hamboatra ny lalana, notsidihana avokoa PK tsirairay. Tafiditra ao anatin'ny tetikasa PDDR « Projet de Développement Durable du secteur Routier à Madagascar ity fanamboaran-dalana ity ka ny banky iraisam-pirenena no mpamatsy vola, ny orinasa ZHONGMEI ENGEENERING GROUP LTD no miandraikitra ny asa rehetra.

Mizara roa ny fanatanterahana ny asa ary samy manana ny fe-potoanany. Ho an'ny ampahany 3A , lalana mirefy 60-50 km manomboka eo amin'ny PK 11+500 hatrany amin'ny PK 72+000 no ezahina vitaina ao anatin'ny 18 volana. Mikasika ny ampahany 3B kosa dia mitsinjara telo, k any lalana voakasika PK 94+550 hatrany amin'ny PK109+800 mirefy 15.250km, PK 122+200 hatrany amin'ny PK145 mirefy 22.800km , PK 159+000 hatrany amin'ny PK 165+000, mirefy 6km, haharitra 16 volana kosa ny fahaletan'ny asa.

Ny governora sy ireo vondrom-bahoakam-paritra itsinjaram-pahefana kosa ny mijery akaiky ny fanatanterahana ny asa. Antenaina fa hizotra amin'ny antsakany sy ny tokony ho izy ity tetikasa ity fa tsy zary ho fampiakarana ny moral in'ireo mpampiasa ny lalana fotsiny ihany.

*Andry N.*

## DIANA

# Echo

**#Santé**

**La lutte contre la bilharziose continue**. Le 28 octobre dernier, l'intérim du directeur régional de la Santé publique le Dr Saholy, et le Dr Victoria Rabe, responsable de la maladie tropicale négligée de la région Diana ont tenu un point de presse au dispensaire d'Antsiranana dans le but de sensibiliser la population pour lutter contre la bilharziose. La Direction régionale de la santé publique de la DIANA continue son engagement. Son personnel sera déployé dans les districts, les villes ainsi que les villages, et prescrit des traitements préventifs et de guérison afin de briser la chaîne de transmission de la pathologie, bien que le taux soit relativement faible. En outre, les responsables du département sanitaire local incitent leurs compatriotes à maintenir la propreté étant donné que les eaux stagnantes sont favorables au développement des larves de schistosomes. « *Balayez la cour, asséchez les eaux usées, lavez vos mains avec du savon* », a suggéré le Dr Saholy lors de son intervention.

**# Environnement**

**Taciano Rakotomanga en Colombie**. Quelques jours après la célébration de la Journée régionale des communautés de base gestionnaires des ressources naturelles renouvelables à Nosy-Be, le gouverneur de la région Diana figurait parmi les représentants de Madagascar à la COP 16 à Cali, le 20 octobre dernier. Il s'agit d'une convention sur la diversité biologique en vue de « renforcer la coopération mondiale en matière de conversation de la biodiversité et d'élaborer des actions tangibles pour un avenir durable ». Ceci est une expérience pour le locataire de la Résidence place Kabary. Protecteur farouche de l'environnement, il transmettra les connaissances qu'il a acquises à ses compatriotes, une fois de retour au pays !

**# Ambanja**

**Deux candidats potentiels à la course communale**. Capitale du cacao, destination idéale pour les opérateurs économiques, la ville de Sambirano n'a toujours pas pris son envol. Donc, l'élection municipale sera cruciale pour la population. Deux candidats sont favoris : le premier portera la couleur du parti au pouvoir. Évoluant dans le cercle politique ces dix dernières années, Said Hassan alias Sassan se dit désormais prêt à prendre la responsabilité. Le deuxième, le maire sortant, Lapota, Élysée Ramampionina à l'état civil. Désavoué par les membres de l'IRMAR, il a postulé en tant que candidat indépendant. Bien entendu, les opinions divergent dans les ruelles d'Ambanja. Certains sont persuadés que Sassane est l'homme de la situation. Jeune et dynamique, il répond aux critères exigés par la population locale. D'autres préfèrent l'ancien magistrat de la Ville. « *Qu'il poursuive ce qu'il a commencé, disent-ils, son expérience nous est utile* ». Les sceptiques perçoivent les choses différemment. Pour eux, ces deux hommes sortent du même moule... Bref, les Bemazava attendent la campagne électorale pour écouter le programme de chacun, pourvu qu'ils élisent le postulant qui aura invité les stars, les animateurs, les ambianceurs les plus aimés !

**#RJSET**

**Six journalistes représentent la DIANA**. L'assemblée générale du Réseau des journalistes spécialisé en emploi et travail s'est tenue le lundi 28 octobre à Ambanja, ensuite à Nosy-be du 29 au 31 octobre dernier. Créée à Antsirabe en 2015, du temps où Christian Ntsay était directeur de l'OIT de la région du Sud-Ouest de l'océan Indien, cette association est passée de 30 à 60 membres en l'espace de 10 ans. Composé de journalistes engagés, le réseau a pour objectif de « promouvoir le travail décent ». La région DIANA a été représentée par six personnels de l'information, dont deux de Nosy-Be et quatre de Diego.

*Iss Heridiny*

## ANALANJIROFO

# Voasambotra ingahy Albain sy ireo namany

Nampijaly vahoaka tao Vavatenina sy Fenerivo Atsinanana ary ny fokontany manodidina azy ingahy Albain na fantatra amin'ny anaram-bositra hoe « Bain », sy ireo namany. Tamin'ity taona 2024 ity no tena nanao ny fanaony amin'ny fanafihana olona ireto jiolahy voasambotry ny zandary sy Fenerivo Atsinanana ary ny manodidina ireto. Nandray anjara tamin'izao fisamborana izao koa ny solombavambahoaka avy amin'ireo distrika roa ireo. Araka ny vaovao azo avy amin'ny zandary dia fokontany maro no efa nanaovan'izy ireo ny asa ratsiny, isan'izany ny 4 febroary 2024 tao amin'ny fokontany Antsirabe ao amin'ny kaominina Andasibe, izay nahaverezana vola 6.500.000 Ariary. Teo koa ny nitranga Vohibinany kaominina Andasibe ihany sy ny tananan'i Vohibirimo kaominina Ampasimazava, izay nahaverezana vola iray tapitrisa ny voalohany sy vola 06 tapitrisa ny faharoa. Ny tena goavana tamin'ny fanafihana sy nahazoan'izy ireo vola be tamin'ny fanafihana fanaony, dia ny tao amin'ny fokontany Tanambao II kaominina Ampasina Maningoro ny 19 jolay 2024, sy ny tao amin'ny fokontany Ambodihasina kaominina Ambatoaranana ny 19 aogositra 2024. Ny voalohany izay nahaverezana vola 50 tapitrisa, ny faharoa kosa nahaverezana vola 20 tapitrisa, ankoatra ireo volamena sy fananana hafa sarobidy. Ny farany vitan'izy ireo araka ny tatitry ny zandary Fenerivo Atsinanana nahasambotra azy ireto dia ny 14 septambra teo tao amin'ny kaominina Miorimivalana izay nahaverezana vola 02 tapitrisa ariary sy firavaka volamena 24g an'ilay tompintrano.

Raha ny fanazavana voaray dia mbola mitohy ny fikarohana ny naman'ingahy Albain any an-toerana amin'izao na efa maro aza ny tratra ireo namany, ary mbola mitohy ihany koa ny famongorana ny asa ratsin'izy ireo. Ity voasambotra sy ireo namany voasambotra teo alohany aloha araka ny fantatra dia hisy ny famindrana azy ireo any Tsiafahy noho heloka be vava maro loatra vitany izy ireo ny taona 2024 ity.

*Malala Didier*

## BETSIBOKA

**Maevatanàna**

# Nahazo fanampiana ireo traboina vokatry hain-trano

Ny andron'ny faha 29 Oktobra taona 2024 lasa teo no nizotra nianatsimo, hihazo ny lalam-pirenena fahefatra, zato kilaometatra miala an'i Maevatanàna, hoany Andriba, ireo tompon'andraikim-panjakana isan-tsokajiny aty an-toerana. Izay nanatitra fanampiana hoan'ireo olona niisa 150 traboina, vokatry ny hain-trano niseho tany amin'ny tanàna atao hoe: Mandrosovahiny, fokontan'Antsitabe sy Andoharano, fokontan'Antobinimadama, any amin'ny kaominina ambanivohitra Andriba, aty amin'ny disitrikan'i Maevatanàna. Teo anoloana ny biraon'ny kaominina ambanivohitra Andriba no nanaovana ny fanomezana toy ny: Siny, vary fotsy, lamba firakotra, hena manta. Ny hetsika rehetra moa dia notarihin'ny perefetn'i Betsiboka sy ny " Assistante parlementaire," depioten'i Maevatanàna.

*Ratantely*

Toute l'information **en ligne** sur
www.midi-madagasikara.mg
midimadagasikara